




Vahoaka tsy misy Tantara dia vahoaka tsy misy hoavy. *« Les peuples sans Histoire sont des peuples sans avenir »*, hoy Mgr Jean-Louis Bruguès, mpitantana ny tranom-boky ao Vatican, Roma. Tapaka ny hevitro ary afak'omaly 6 Aogositra fa hamela lahatsoratra ho anareo mpamaky sy ho an'ny firenena iray manontolo aho. Satria ny vahoaka ny maha firenena ny firenena iray. Ary dia niakatra teny Ambohipotsy aho. Na dia nihidy aza ilay fiangonana dia tsy nanakana ahy nikaroka ny momba azy. Maro tokoa ireo nanoratra teo alohako, momba an'Ambohipotsy (tsy azo afangaro amin'i Ambohipo) ary ny ankamaroany dia vahiny hatrany. Tsy dia ilay finoana loatra no ho resahina eto -na dia fa tsy azo adino izay lafiny izay-, fa ny nahatonga ny anaran'ilay toerana sy ny nahatonga ny anarana io fiangonana io. Afa-po tamin'ny fankalazako manokana ny faha-66 taonako aho (6 aogositra 1954-6aogositra 2020). Asa ianareo mpamaky raha ho torak'izany. Ndao ary Tompokolahy sy Tompokovavy fa tsy tantara valamaty akory izy ity.


**Tsiahy**

Tamin'ny voalohan'ny taona 1835 dia nohenjehin'ny Mpanjakavavy Ranavalona I ireo Malagasy nivadika ho kristianina. Izany dia ny mba hampiatona ny fibahan'ny kolontsaina sy ny politika eoropeana teto amin'ny Nosy. Anisan'izany kristianina izany i Rasalama Rafaravavy izay lasa maritiora malagasy voalohany nolefonina tao Ambohipotsy araka ny voalaza eo ambany. Rehefa niamboho ny Mpanjakavavy Rasoherina dia i Ramoma, zanak'anadahiny ihany, no nandimby azy ara-pomba ofisialy, ny 3 Septambra 1868 teo Andohalo, ka nitondra ny anarana hoe Ranavalona II. Nifanohitra tanteraka tamin'ny fijerin'i Ranavalona I ny mikasika ny finoana nanomboka teo satria tapakevitra ny Mpanjaka vaovao fa hivadika ho kristianina. Namporisihiny ny asa fampielezana ny filazan-tsara nataon'ireo misiona kristianina isan-karazany ary nasainy nodorana daholo ny sampy rehetra nivavahana taloha, toa an-dry Kelimalaza…





*Rasalama, la première martyre malgache percée de lances*
(p. 116-117)














Tantaran'ny fiangonana
AO AMBOHIPOTSY